MANDROSEZA

# MISY RAIM-PIANAKAVIANA MANDRAHONA HAMONO HO FATY

4

MARINA IZANY !

MANDRA-PAHOVIANA !

7


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7630 | Taona faha-25 | Vidiny : 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Sabotsy 29 jolay 2023


Tsaroako ilay"...

2

DO (BATTEUR)

## NOSAVAIN'NY POLISY TANY AMIN'NY SISINTANIN'I BRUXELLES



RAHARAHA BAKALOREA 2023

7

# 14 NATAO MD, 2 NAHAZO FAHAFAHANA VONJIMAIKA



JUDO - CADET/JUNIOR TOMPONDAKAN'I AFRIKA

3

## TSY MITSANGA-MENA-TRA I MADAGASIKARA

ANDRO NASIONALIN'NY ANKIZY

## AMPIANARINA DIENY MBOLA KELY HIARO NY TRANOBE IOMBONANA NY ANKIZY

8

LALAON'NY FRANKOFONIA

## HANOMBOKA ANIO !

3

HERY RAJAONARIMAMPIANINA

7



## TSY MATAHOTRA NY HIRO-TSAKA HO KANDIDA

NDREMITSARA TARZAN

4

## FIFIDIANANA NO VAHA-OLANA FA TSY TETEZAMITA









Tsaroako ilay"...

Do (Batteur)

# Nosavain'ny polisy tany amin'ny Frontière-n'i Bruxelles

*Artista mpively amponga maroanaka isan'ny sangany eto amintsika i Do. Miara-miasa amin'ny mpanakanto maro izy ka anisan'izany i Théo Rakotovao izay niaraka taminy nitety vazantany efatra. Maro ny fahatsiarovana mahatsikaiky niainany, sombiny ihany ireto tanisaina ireto :*

**Nosolain'i Mama ny loha**

Hatramin'ny fahazazany i Do no tia manalava volo. Notenenin-dreniny izy hanapaka ny volony fa lava loatra. Dia nentiny tany amin'ny namany iray efa mpanapaka volo ilay izy. Tena nety tsara ny nanapahan'ilay olona azy, saingy nahita "rasoir" indray re izy teny an-dalana ka nokakasany kely indray ilay volo, dia lasa ratsy be. Tezitra mafy ny reniny nahita ny hetivolony, ka nokakasany nataony sola be mihitsy ilay volo. Tonga tany an-dakilasy, dia nihomehezan'ny ankizy izy tamin'izany. Teo amin'ny manodidina ny 9 taona teo ho eo i Do tamin'izany, mbola nianatra tamin'ny Ecole Annexe tany Toliara.



**Natory teo ambony vilia misy vary mahamay**

Rehefa matory izay i Do tamin'ny mbola kely, dia tsy azo tairina mihitsy fa tsy mety. Mamy loatra ny torimason-jaza ! Mpivarotra Epicerie tamin'izany ny ray aman-dreniny tany Toliara. Efa hariva hisakafo indray andro, no nofohaziny ny boay kely hisakafo, fa tsy tian'ny ray aman-dreniny ny ankizy tsy misakafo matory io. Mbola madity ny masony sady te hatory no nipetraka hisakafo teo ambony latabatra. Tsy nahatana ny lohany fa rendrika ihany, dia tafatory teo ambony vilia misy vary sosoa mbola mahamay. Tamin'izany, ihany koa miady fen'akoho ireny rehefa akoho ny laoka. Tsitsiana mafy ilay laoka fa ny vary aloha no hanina dia atao amin'ny farany ny fen'akoho. Kanjo inona fa notsaingohan'ny alika indray ilay hena kely nasisa. Niompy alika roa ry zareo, nafenina tamin'ilay alika teo aloha ilay hena kanjo notsaingohan'ilay avy aoriana. Nangaina teo sady nitomany nigogogo !

**Tara "Avion" dia tsy nanao "Donia"**

Tamin'ny taona 2000 teo ho eo no nisehoan'ity tantara iray ity. Isan'ny tarika nandray anjara tamin'ny festival Donia ny tarika Mamy Gotso, fa niaraka taminy i Do tamin'izany. Noho ny fikenonkenonan'ny lehiben' ny tarika, dia tara ny fiaingan'ny fiaramanidina ny tarika. Ry zalahy nigadona tsara ny seranam-piaramanidina teo Ivato, ny lohan' ny fiaramanidina niakatra nanao veloma ny tany. Indrisy, tsy nisy na inona na inona azo natao afa-tsy ny nijery ny fiakaran'ny "Avion", dia nody nihanahana fotsiny. Tsy afaka nandray anjara tamin'ilay hetsika intsony, satria tara fiaramanidina. Niandry Donia manaraka indray fa akory atao !

**Nosavain'ny polisy tany amin'ny Sisintanin'i Bruxelles**

Hatramin'izay nivezivezen'i Do tany ampitandranomasina tany, dia ity tany amin' ny sisintanin'i Bruxelles ity no tena nampiaiky azy. Olona marobe no mivezivezy tamin'ny bus, fa izy irery no voasava tao anatin' izany rehetra izany. Nijerijery azy ireo mpitandro filaminana ireo ary nisava avy eo. Kanjo rehefa tena nojerena dia hay ny mason'i Do menabe no noheverin' ireo polisy fa avy nandrongony. Izy anefa isaky ny avy mandro, dia mena maso foana, ka vao avy nisaika mihitsy izy io voasava io. Nosavainy hatramin'ny "sac" kely nentiny teny aminy, ka rehefa hitan'izy ireo fa tsy misy na inona na inona, dia navelany nandeha ihany avy eo. Niaraka tamin'ny tarika Mikea izy tamin'io fotoana io.

**Nangonin'i TR**

Zon'ny vehivavy

## Mbola tsy voahaja tanteraka raha ny eto Madagasikara

Mbola misy ny sakana tsy maha voahaja tanteraka ny zon'ny vehivavy eto Madagasikara. Efa misy ihany ireo zo voahaja fa mbola misy maro no voatohitohina. Anisan'ny antony izany ny tsy fanaovan'ny Madagasikara "ratification" an'ilay "Protocole de Maputo" izay mamondrona ireo karazana zon'ny vehivavy. Voakasika io "Protocole de Maputo" io avokoa moa ny firenena Afrikanina ary anisany isika. Isika anefa nanao sonia izany fotsiny tamin'ny taona 2004 fa tsy nampanan-kery izany ka lasa toy ny tsy misy lanjany izany. Antony tsy nanaovana "ratification" io raha ny fanazavana azo tamin'ny filohan'ny CNFM, Ramatoa Estelle Andriamasy moa dia noho ny fisian'ilay andalana faha-14 izay miresaka momba ny fampitsaharana vohoka izay tsara marihana nefa fa tsy fanalan-jaza iniana akory izy io na hoe sitrapo fa ilay mba natao hiarovana ny ain'ny vehivavy rehefa hita hoe mitondra fahasarotana amin'ny vohoka. Nambarany fa maro amin'ny Malagasy no tsy mety resy lahatra fa hoe tsy mifanaraka amin'ny kolontsaina Malagasy izany ka izay no lasa hisatra tsy nanaovana "ratification" azy, nolazainy anefa fa ny andalana rehetra ambiny dia natao hanatsarana ny zon'ny vehivavy avokoa ary ahitan'ny vehivavy Malagasy tombony. Noho izay indrindra hoy izy no antom-pijoroan'ny fikambanana,ny hanao fanentanana goavana amin'ny rehetra manomboka amin'ny kely indrindra ka hatramin'ny olona mpanapaka mba hampanan-kery azy io.Omaly moa no nanatanteraka ny fivoriam-be isan-taona izay efa fanaony ny fikambanana ary dia io "protocole de Maputo" io no lohahevitra novoaboasina tao ny andro voalohany. Nantitranterina tamin'ny mpikambana rehetra izay misy solontena isaky ny faritra fa izy ireo no tokony hitondra ny fanentanana voalohany any anaty fiarahamonina mba tena hipaka any amin'ny mpitondra izany. Ny fanaovana tatitra kosa no iompanan'ny andro faharoa anio, eo koa ny fanapahana ny daty hanaovana ny fifidianana an'ireo birao vaovao.

**Tanya.R**

midigazetikom@gmail.com

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**FANAMPAHAFANTARANA - ANNONCE**

Ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana dia mampahafantatra fa misy mpisoloko mitonona ho Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana na Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana eny amin'ny tambazotran-tserasera facebook sy mailaka.

Mampirantiranty fampanantenana tohana ara-bola izy ireo ary mampameno antontan-taratasy. Marihana anefa fa fisandohana ary ahiana ho hevitra hakana vola izany.

Manoloana izany famitahana izany dia manentana antsika ho mailo.

Manasa antsika hamakafaka eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana raha toa ka maharay fampanantenana tohana ara-bola.

Hande hiara-hientana isika hanaparika izao fampahafantarana izao ho fiarovana ny tsirairay.


--------------------------------

Le Ministère de l'Agriculture et de l'Élevage tient à vous informer d'une situation préoccupante : des individus malveillants usant l'usurpation d'identité, se faisant passer pour le Ministère ou le Ministre sévissent sur les réseaux sociaux et par le biais d'e-mails. Ces usurpateurs tentent de tromper les citoyens en leur miroitant l'obtention de subventions, les incitant ainsi à remplir un formulaire.

Il est à craindre que cette arnaque ait pour objet de soutirer de l'argent.

Nous souhaitons attirer votre attention sur l'importance d'être vigilants. Soyez particulièrement prudents lorsque vous recevez des propositions de subventions ou des demandes de renseignements personnels via les réseaux sociaux ou par e-mail.

Dans le doute, n'hésitez pas à vérifier l'authenticité de la source auprès des canaux officiels du Ministère de l'Agriculture et de l'Élevage. Ensemble, circulons l'information pour contrecarrer ces tentatives d'escroquerie et préserver la sécurité de chacun.




G-CL/584/1-1

Kitra - Jobilin'i Ahmad

# Ahiana tsy hahazaka mpijery ny kianja Rabemananjara

Taorian'ny zava-bitan'ny ekipam-pirenen'i Mayotte teo anoloan'ny Tomponjaridaina Ekipa Voafantin'i Mahajanga, dia lasa resabe tsy afaka ambavan'ny mpankafy baolina kitra any andrenivohitr'i Boeny ny fihaonan'ny Barea de Madagascar sy ny vahiny, izay manana endri-dalao mahafinaritra. Araka izany dia ahiana tsy antonona mpijery ny kianja, izay efa nasiam-panavaozana ny "gazon synthétique" ary nohatsaraina ny anatiny amin'izao fankalazana ny Jobily faha-45 taonan'Atoa Ahmad Ahmad teo amin'ny sehatry ny baolina kitra izao ho fanajana ny vahiny, izay manomana fatratra ny Lalaon'ny Nosy 2023 eto amintsika ka tsy manao ambanin-javatra ny fifandonany amin'ny Barea de Madagascar. Raha ampahatsiavina mantsy ny zava-bitan'ny ekipam-pirenena roa tonta, izay samy nihaona tamin'ny Ekipa Voafantin'i Mahajanga, dia nivoaka sempotra ny Barea vao mandresy ary nanamontsana tamin'ny isa mavesatra tamin'ny mpifanandrina taminy ny renioney. Koa satria moa tsy fihaonana ara-panatanjahantena ihany no entina anamarihana sy ankalazana ny Jobilin'i Ahmad dia hahamaro ny mpijery ihany koa ny fampisehoana ara-javakanto ataon'i Stéphanie sy ny tariny, mialoha ny fihaonan' ny mahorey sy ny Malagasy. Stéphanie, izay efa nanafana ny "Grand Diner Dansant", omaly alina, tao amin' ny efitrano filanonan'ny "Baobab Tree". Aorian'ny lanonana moa dia ho faranana amin'ny fandefasana afomanga eny amin'ny "Bord" ny fankalazana ny Jobily faha-45 an'Atoa Ahmad Ahmad. Momba ny Barea de Madagascar manokana, dia azo lazaina fa fitsapana sy fandrefesana ny fahaiza-manaon'ny mpilalaon'i Rakotondrabe Romuald "Roro" ity fihaonana amin'i Mayotte ity ka heverina fa tsy hanao kinanga ry Nina sy ry Berojo.

**aris rafaly**

"Journée scientifique de la médecine du sport"

# Nifampizara fahaiza-manao ireo mpitsabo misehatra amin'ny spaoro

Tontosa omaly tetsy amin'ny Akademia Malagasy Tsimbazaza, ilay "1ere journée scientifique de la medecine du sport». Ny fikambanan' ireo Malagasy misehatra amin'ny fitsaboana eny anivon'ny fanatanjahantena no nikarakara azy ity, izay nambaran'ny filohany, Dr Ny Aina fa natao hifampizarana ireo haitao mahakasika ny fitsaboana ara-panatanjahantena izany. Tonga teny an-toerana namelabelatra momba ny "Traumatologie" ny profesora Razafimahandry Claude. Teo koa ny profesora Tiaray Michel, izay nanazava ny mahakasika ny "asthme". Ny dokotera Rakotohery Joseph no nanazava ny mahakasika ny sakafo raha ny dokotera Ramiandrisoa Norbert no namelabelatra ny fihinanana zavatra mampatanjaka, ary dokotera Rabehanta Nirina no nanazava ny manodidina ny diabeta.



**Ny filohan'ny fikambanana miaraka amin'ireo mpitsabo nizara ny traikefany.**

Fampatsiahivana ihany izy ity, araka ny nambaran'ny filohan'ny fikambanana satria efa nianarana avokoa. Nandray anjara tamin'ity ny dokotera, kiné, olona anatin' ny tontolon'ny spaoro, toy ny Tale teknika Nasionaly an'ny federasiona iray izay nanatrika izany. Manodidina ny 70 teo izy ireo, izay avy eto Analamanga avokoa, hoy ny filohan'ny fikambanana, izay nanamafy fa dingana fanombohana ihany izy ity. Hatreto, miisa 40 no ao anatin'ny fikambanana, ahitana ireo dokotera sy Kiné.

**Rabenaivo**

Lalaon'ny Frankofonia

# Hiaka-tsehatra ny Basket, Tolona ary ny Atletisma anio

Tanterahana any Kinshasa RDC amin'izao fotoana izao ny Lalaon'ny Frankofonia. Mandray anjara amin'izany i Madagasikara, izay 7 no isan'ny delegasiona. Raha tsy misy ny fiovana, hiakatsehatra anio ny ekipampirenena Malagasy, izay hifanandrina amin'ny ekipam-pirenena Kamerona. Ankoatra izay, hanomboka ny fifaninanana ihany koa ny eo amin'ny taranja Tolona sy ny Atletisma, izay iandrandrana vokatra tsara avokoa. Nizara andiany roa moa ny delegasiona Malagasy nihazo an'ny RDC, ka andro vitsy lasa izay no efa tonga tany Kinshasa ny andiany voalohany, izay miisa 44 niampy ireo mpila ravinahitra 2 avy any Frantsa eo amin'ny taranja tennis de table sy Marion mpilalao basketball.



Efa tonga mialoha tany Kinshasa kosa i Claudine sy i Sidonie nanatrika "camp d'entraînement" any Dakar. Andrasana any an-toerana kosa amin'izao faran'ny herinandro izao ny delegasiona faharoa, ahitana ny eo anivon'ny Kolontsaina sy ny avy ao amin'ny judo, izay mbola niatrika ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika teto Madagasikara. Tafiditra anatin'ny fanomanana ihany koa ny Lalaon'ny Nosy izao fifaninanana Iraisam-pirenena atsy RDC izao, izay antenaina fa hitondra vokatra tsara ho an'ireto solontenn antsika ireto izany. Tsara fitontona rahateo izy ity, izay andro vitsy mialoha ny JIOI no nanaovana azy. Somary indro kely kosa anefa ny tsy nandraisan'ny Barea anjara, saingy efa nazava ny safidy ho antsika nahatonga izany.

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Raha tianao ny hiaina am-pahasambarana dia andramo ny mikolo, mifampitaiza tsy an-kiteny, dia hiaiky ianao avy eo hoe tsy nanenenako ireny. »

**Ny Vetso (24 .03. 14)**

(«Pour vivre heureux, vivons cachés. »)

Judo - Afrika cadet/junior

# Tsy mitsanga-menatra i Madagasikara




Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy omaly tetsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena Mahamasina, ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika ho an'ny sokajy cadet sy Junior, taranja Judo. Olo-manakaja maro avy eto an-toerana sy avy any ivelany no tonga nanome voninahitra izany, izay samy niaiky ny hatsaran'ny fikarakarana sy ny fandraisana ireo delegasiona. Atleta manodidina ny 300 avy amin'ireo firenena 17 no miatrika izany, izay ny alakamisy teo no nanomboka ary rahampitso alahady vao hifarana. Azo lazaina fa tsy nitsanga-menatra i Madagasikara hatreto, izay raha hiverenana, efa nibata medaly volamena iray teo amin'ny andro voalohany, izay fifaninanana ho an'ny sokajy juniors, tamin'ny alalan'i Laura Rasoanaivo, ho an'ny latsaky ny 70kilao. Resiny tamin'ny Ippon teo amin'ny ady famaranana ilay Ejyptiana, Magdy Farida nifanandrina taminy. Noporofoin'ity teratany Malagasy ity, fa mbola sangany izy ary sarotra ny handresy azy. Ankoatra izay, nahazo medaly alimo roa isika, tamin'ny alalan-dRasoanaivo Miora, ho an'ny mihoatra ny 78kilao sy Razafindrakoto Natacha, ho an'ny latsaky ny 48kilao. Tamin'ny omaly dia fifaninanana ho an'ny isan-tarika sokajy juniors no nizotra tetsy Mahamasina. Anio kosa no hiakatra tatami ny sokajy cadet, izay hofaranan'ny fifaninanana isantarika ho an'ity sokajy cadet izany rahampitso.

**Rabenaivo**



**Mbola sangany sy sarotra ny haka ny anaram-boninahitra any amin'i Laura.**

**PETITES ANNONCES *Gazetiko***

**COURS**

* Cours de massage 3 jours ahaizana manotra. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 608/10-5)

* Cours de coiffure accéléré spécial vacance. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 608/10-5)

**COURS DE MUSIQUE**

* Cours de musique à domicile : Piano, guitare, clavier. Accélérer 2 mois. Tél : 034.53.257.77. (G-BA 612/7-2)

**SERVICE**

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 610/6-4)

**VIDANGE**

* Service vidange fosse septique, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 038.50.054.35. (G-BA 605/15-10)

* Vidange fosse septique, fosse perdu & puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 611/10-3)

**MIVIDY**

* Lamba, kiraro, fanaka, machine, vy, TV, debara, kilalao sns. Tél : 034.03.047.43. Mme Sarah. (G-BA 600/20-17)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 609/17-4)

Mandroseza

# Misy raim-pianakaviana mandrahona hamono ho faty

Nalefa teny anivon'ny fampanoavana ny fitoriana mikasika ny raharaha fandrohanana ho faty raim-pianakaviana iray mponina etsy Mandroseza. Ny mpitsara tao kosa no namindra azy na ilay antsoina hoe soit Tranmit (ST) eny amin'ny zandary sampana fikarohana heloka bevava etsy Fiadanana. Mitohy ny fikarohana amin'izao ary manao izay hisamborana ireo olona ireo ny mpitandro filaminana. Nanomboka ny fiandohan'ny taona teo ity tranga ity no niseho. Fandrahonana ho faty ataon'ny olona tsy fantatra. Mandefa mailaka any amin'ilay raimpianakaviana ireo olona ireo. Taorian'izay dia nanafika mihitsy izy ireo saingy tsy nahavita na inona na inona fa tafatsoaka. Nihamafy hatrany ny fanenjehana ataon'izy ireo.

**Fikarohana**

*"Ny 9 jolay lasa teo no niditra tao amin'ny tranoko teny Mandroseza mihitsy ireo olon-dratsy iraka. Nitondra basy ny roa ary ny iray nilanja sabatra teny antanana. Tafaporitsaka ireo olon-dratsy ireo tamin'io fotoana io ary namakivaky honahona nandositra satria tazanay avy tao an-trano izy ireo tamin'izay. Nisy fotoana ihany koa manaraka ahy amin'ny môtô ry zareo. Tenin'izy ireo tao anaty mailaka ny hoe io fivavahana io foana no reharehanareo fa tsy maintsy matinay ianareo ary tsy ampahafirin'ny efa nataonay. Marihina fa tsy manana olana eny amin'ny fiaraha-monina na any ampiangonana ny tenako saingy mahagaga fa iharan'ity ramatahora ataon'ny olona tsy fantatra ity"* : hoy ny fanazavan'ilay raim-pianakaviana lasibatra. Efa any amin'ny tomponandraikitra voakasika ity raharaha ity. Manaraka akaiky ny fizotry ny famotorana ny zandarimariam-pirenena eny amin' ny sampana ady heloka bevava etsy Fiadanana. Mandeha ny fikarohana.

**Ariel D.**

Fanafihana ny Shop Liantsoa Ankadindratombo

# 3 lahy voasambotra, mpiambina tao ihany ny iray izay atidoha nikotrika

Iray andro taorian'ny nisehoan'ilay fanafihana teny amin'ny Shop Liantsoa Ankadindratombo dia efa nisy ny voasambotra mikasika iny raharaha iny. Rehefa nandeha araka izany ny fanadihadiana nataon'ny polisy dia telo lahy no voasambotra afakomaly hariva ka mpiambina tao amin'ilay tranombarotra voatafika ihany ny iray amin'izy ireo. Avy amin'ny fisamborana io lehilahy io no nahafahana nisambotra ireo roa lahy namany. Ny fanazavana avy amin'ny polisy no nahalalana fa io mpiambina io no tompon'antoka tamin'ilay asa ratsy ary izy no nanitraka ireo namany hanatanteraka ny fanafihana tao amin'ilay tranombarotra. Dia ireo voasambotra ireo ihany koa ireo roa lahy taorian' izay. Rehefa vita ny famotorana ataon'ny mpitandro filaminana dia hatolotra ny fampanoavana ny raharaha. Tsiahivina fa ny alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 7 ora hariva no notafihin'ny andian-jiolahy mitam-piadiana teny amin'ity tranombarotra iray teny Ankadindratombo ity. Lasan-dry zalahy tamin'izany ny vola tao amin'ilay tsena. Fa ankoatra izay dia mpitondra taxi iray ihany koa no voatifitr' ireo jiolahy tamin'io fotoana io ka maty tsy tra-drano. Taorian'izay, nandeha nitsoaka ireo olon-dratsy ary nihazo ny lalana mankany Mahazoarivo. Nidina ifotony teny an-toerana ireo mpitandro filaminana raha vao nahafantatra mikasika ny zava-niseho. Nandeha avy hatrany ny fanadihadiana sy fikarohana ny nahavanondoza ka izao nahatratrarana telo lahy izao. Mitohy ny famotorana sy fikarohana. **T.H**

Ambohidrapeto

# Rongony 30 fonosana sarona, 2 vavy tratra teo am-pivarotana izany

Vehivavy roa 44 taona sy 45 taona no voasambotry ny polisy misahana ny ady amin'ny zava-mahadomelina Anosy. Ny iray tratra teny Ambohidrapeto ary ilay vehivavy iray hafa kosa voasambotra teny Soavimasoandro. Tratra tany amin'izy ireo ny rongony 30 fonosana. Raha vao nahazo vaovao mikasika ny fisian' ny olona mivarotra sy mamatsy rongony eny amin' ny faritra Ambohidrapeto ny polisy dia nandeha nankeny an-toerana avy hatrany nanao fanaraha-maso. Ka dia io tra-tehaka teo ampivarotrana rongony teny akaikin'ny fiangonana iray ilay vehivavy iray ary nahatrarana fonosana rongony 14 tany aminy. Fa toy izay ihany koa no nahatratrarana ilay vehivavy iray teny Soavimasoandro satria raha vao nahafantatra ny fisiana olona mivarotra rongony teny an-toerana ny polisy dia nidina ifotony sy nanao velam-pandrika. Ka dia tratra ambodiomby teo ampivarotana izany zava-mahadomelina izany ravehivavy ary mbola nahitana rongony 16 fonosana tay aminy. Fantatra fa nandritra ny telo volana no nanaovan'izy ireo ity asa ratsy ity ary 10 isanandro no rongony lafony. Efa natolotra ny fampanoavana omaly ny raharaha. **T.H**

Nosy be

# Vazaha nitambotsotra teo amin'ny fiarany

Raha handeha hamoha varavarana hiditra tao anaty fiarany iny ity teratany vahiny iray efa mananika ny Sivy amby fitopolo taona no nitambotsotra tampoka ary nitsirara teo amin'ny tany teo amin'ny fitobian'ny fiara tao Nosy be afakomaly antoandro. Taitra avokoa ireo olona teo amin'ny manodidina raha nahita izany ka nitangorona nijery. Novonjena nentina haingana tany amin'ny hopitaly saingy tsy tana intsony ny ainy. Samy nanana ny filazany avokoa ny rehetra nanoloana ny fahavoazan'ilay vazaha. Rehefa natao anefa ny fanadihadiana dia fantatra fa manana aretina izy ary matetika miakatra tosidrà ka izay no heverina ho mety ho antony nahafaty azy tampoka toy izao. Nampandrenesina avy hatrany ny fianakaviany. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana ihany koa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana. **R.C**

Ndremitsara Tarzan

# Fifidianana no vahaolana fa tsy tetezamita

Mifantoka tanteraka ao anatin'ny fifidianana sy ny raharaham-pirenena ireo mpanao politika eto Madagasikara amin'izao. Volana vitsy sisa no hisaina dia higadona izany andro izany hanehoan'ny vahoaka ny safidiny izay olona hitondra azy mandritra ny 5 taona. Samy mihetsiketsika avokoa ireo vondron'olona isan-tokony ankehitriny. Nanentana mba hirosoana amin'izany fifidianana izany Andriamatoa Ndremitsara Tarzan, izay Solontenan'ny fiombonomben'ny mpikaroka momba ny mponina eto amin'ny faritra « SADC » na ny « union de la population au niveau region SADC » eto madagasikara. Namporisika ny vahoaka ny tenany mba handray anjara mavitrika amin'ny fifidianana izay hatao amin'ny 9 Novambra 2023 ho avy izao, satria izany no anisan'ny hitondra an'ny Madagasikara any amin'ny fitoniana, ny filaminana ary ny demokrasia. Tsy vahaolana intsony hoy Andriamatoa Ndremitsara Tarzan ny tetezamita. *« Tsy fotoana hanaovana tetezamita intsony izao ary manentana mpanao politika sy ny vondrona rehetra mba hanaiky hirosoana amin'ny fifidianana satria izany ihany no hahamari-toerana izay olona mitondra eo. Eto izahay dia misaotra ny mpitandro ny filaminana noho ny favononan'izy ireo sahady hiantsehatra ny filaminana mialoha, mandritra ary aorian'ny fifidianana io satria izy ireo no tandroka aron'ny vozona ary antoky ny fandriampahalemana» :* hoy ihany Andriamatoa Ndremitsara Tarzan. Tsara ho marihina fa ny tetezamita dia hiteraka voka-dratsy ho an'ny firenena indrindra eo imason'ny firenena maneran-tany. Tombotsoa ho an'olombitsy sy ny mpanao politika no setrin'izany ka ny fizaran-tseza no ho lehibe indrindra.

**Ariel D.**

Betafo

# Dahalo 3 lahy nampihorohoro tratra niaraka tamin'ny basy

Nandritra ny fisafoana nataon'ny zandary tao Andrangy, fokontany Ambohibary, kaominina Alarobia-Bemaha any Betafo no nahatratrarana azy telo lahy ireto ny alin'ny Alarobia lasa teo. Mailo avy hatrany izy ireo raha vao nahatazana ireo zandary ka nikasa hitsoaka. Raikitra ny fisamborana azy ireo ka tratra avokoa izy telo lahy. Mbola tratra teny amin'ireto dahalo ireto ny basy vita gasy iray nampiasainy. Raha ny fanazavàna hatrany dia saika hanao ny asa ratsiny indrindra ry zalahy ireto tamin'io, handroba ombin'olona iray tao Andrangy. Nifanampy tamin'ny zandary tamin'ny fisamborana ireto olon-dratsy ireto ny mpikambana « Lambamena » maromaro ao anatin'ny kaominina. Raha ny fanazavàna hatrany dia nampihorohoro ny mponina tao Alarobia-Bemaha sy ny manodidina ireto dahalo ireto.

**Hafa koa**

Fa mbola tany amin'ny faritr'i Vakinankaratra iny ihany dia dahalo telo lahy ihany koa no lavon'ny zandary ary roa hafa azo sambo-belona tao amin'ny kaominina Vasiana, distrikan'i Mandoto. Tratra niaraka tamin'ireo ny basy mahery vaika miisa telo sy ody gasy isankarazany fampiasany. Mbola mitohy hatrany kosa ny fikarohana ireo namany. Izao vokatra izao no azo dia noho ny hetsika ataon'ny zandary hamongorana ireo mpanao ratsy sy ny fampiharana ny Tagnamaron'ny fandriam-pahalemana.

*Saika hanao ny asa ratsiny indrindra izy ireo no nifanehatra tamin'ny zandary nanao fisafoana.*

**R.C**

MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

*Rano vola*




## Hatsikana an-tsary

*Mifamaly*




## Masoandro Miposaka

**Ezekiela 3 : 4**

Ary hoy Izy tamiko: Ry zanak' olona, andeha mankany amin'ny taranak' Isiraely, ka lazao aminy ny teniko.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Aza manetry montotra.**

N'humiliez pas quelqu'un qui est déjà en colère.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3010**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 2 | 7 | | 5 | | | | |
| | 3 | | 7 | 6 | | | 9 | |
| | 1 | | | 8 | | | 5 | |
| | | | | | | 4 | | |
| 5 | | 3 | | | | | 1 | 9 |
| | | | | | | 6 | 2 | |
| 2 | | 8 | | | | | | |
| | | 4 | 3 | 7 | | | | |
| | 9 | | 2 | | | | 4 | |

Valin'ny laharana **3009**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 2 | 4 | 9 | 6 | 1 | 8 | 5 | 7 |
| 9 | 8 | 6 | 5 | 4 | 7 | 3 | 1 | 2 |
| 5 | 1 | 7 | 8 | 2 | 3 | 6 | 4 | 9 |
| 1 | 7 | 2 | 3 | 9 | 5 | 4 | 8 | 6 |
| 6 | 3 | 8 | 4 | 1 | 2 | 9 | 7 | 5 |
| 4 | 5 | 9 | 7 | 8 | 6 | 2 | 3 | 1 |
| 2 | 6 | 3 | 1 | 5 | 8 | 7 | 9 | 4 |
| 8 | 9 | 1 | 6 | 7 | 4 | 5 | 2 | 3 |
| 7 | 4 | 5 | 2 | 3 | 9 | 1 | 6 | 8 |

## Marina izany !

### Mandra-pahoviana !

**Nandrangaranga fampiakarana sarandalana ny fiombonamben'ny kaoperativa iombonan'ny mpitatitra fiara fitateram-bahoaka eto an-drenivohitra, andro vitsivitsy lasa izay. Antony, araka ny nambaran'izy ireo dia noho ny fahasimban'ny lalana sy ny fiakaran'ny vidin'ny kojakojam-piarakodia. Nangina tampoka anefa ny fikasana, rehefa nilatsaka ny baiko midina fa tsy azo atao ny mampiakatra sarandalana. Manomboka eto dia ho sarotra ny fandidiana. Antony, miainga amin'ny olana iainan'ny vahoaka andavanandro, noho ny sondrobidin'ny fiainana sy ny tsy fisian'ny asa, ampian'ny kolikoly sy ny tsy fandriampahalemana manohintohina ny fitadiavan-dRamalagasy dia miara-miaiky ny rehetra fa tsymbola zaka ny fampiakarana sarandalana, na ny eto an-drenivohitra na ny efa mihataka an'Antananarivo voalohany. Tsiahivina ihany koa fa vao tamin'ny taona lasa no nampiakatra sarandalana ny mpitatitra. Ary teo anelanelany teo aza nisy kôperativa nampisondrotra mangingina ny saran-dalany ary tsy manan-tsafidy fa miatrika izany ny mpanjifa. Na izany na tsy izany, manitikitika ny saina ihany ny fanontaniana hoe: mandrapahoviana no hoterena hangina izy ireo satria miharihary toy ny tafika andrefa-tanàna tokoa anie ny lavadavaka manimba fiara sy ny fako miavovona manelingelina ny lalana ary miteraka fitohanana. Manginy fotsiny ny sondro-bidin'ny piesy fanolo izay haingana dia haingana ny fahasimbany. Antenaina fa hahita vahaolana maharitra ny tompon'andraikitra isantokony, toy ny fandraofana ara-potoana ny fako sy ny fanaboaran-dalana fotsiny satria manam-petra ihany ny fanarahana ny baiko sy ny teny midina!**

Voahangy Rakotozafy

Raharaha Bakalorea 2023

# 14 natao MD, 2 nahazo fahafahana vonjimaika

Ny alakamisy lasa teo no niatrika mpitsara mpanao famotorana ireo olona 16, voarohirohy ho tafiditra tao anatin'ilay raharaha niparitahan'ny laza adina bakalôrea mialoha ny fotoana. Vokany, 14 tamin'izy ireo no nalefa any am-ponja vonjimaika ary 2 afaka nody. Efa notaterina teto fa tomefy mpitandro filaminana teny amin'ny lapan'ny fitsarana, tamin'ny fotoana nihainoan' ny mpitsara mpanao famotorana azy enina ambiny folo. Raha tsiahivina ny zava-misy teny amin'ny fitsarana dia haingana dia haingana ny nampidirana ireo voarohirohy ireo tao anaty efitrano ka tsy nahafahana namantatra azy ireo. Nampanaovina arovava rahateo izy rehetra. Naharitra ora maro ny fanadihadihadiana. Tsiahivina fa efa nisy tamin'izy ireo no notazonina vonjimaika tany amponja raha vao nahoraka fotsiny iny raharaha iny.

**Minisitera 4 farafahakeliny no miara-misalahy**

Ny fivoahan'ny laza adina bakalôrea izay marihina fa tsy nijanona teo amin'ny resabe fotsiny fa tonga hatramin'ny fangatahampialân'ny minisitry ny fampianarana ambaratonga ambony sy ny fiantsoan'ny loholona azy. Voalaza anefa fa minisitera 4 farafahakeliny no miara-misalahy amin'ny fanomanana ny bakalôrea. Mandray anjara ihany koa ny fanabeazampirenena sy ny fampianarana teknika ary ireo misahana ny fitandroana ny filaminana. Araka ny fanamarihana nataon'ny ministeran' ny fampianarana ambony dia tsy azon'ny minisitra idirana ny toerana misy ny mpanomana ny laza adina, mandritra ny fotoana ijanonan'izy ireo any. Ary raha vao miala ao ny laza adina dia mihazo ny sampandraharaha misahana ny fanadinana nasiônaly. Arahin'ny mpitandro filaminana hatrany mandra-pahatonga ny laza adina any amin'ny efitra fanadinana. Manoloana ny zava-misy dia miantso ny "Cybercriminalité" sy izay mpampianatra na mpiadina manam-baovao ny ministeran'ny fampianarana ambony, mba hifanome tanana, hivoahan'ny marina.

V.R.

Hery Rajaonarimampianina

# "Tsy matahotra ny hirotsaka ho kandida"



Ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina tao Ambositra.

Taorian'ny tany amin'ny ilany avaratry ny Nosy herinandro maromaro izao dia mitohy any amin'ny ilany Atsimon'ny Nosy indray ny fitetezam-paritra hihaonan' Ing. Hery Rajaonarimampianina mivantana amin'ireo mpanaradia azy. Omaly, na dia tsy tao anatin'ny fandaharam-potoany aza dia nijanona tao Ambositra ity filoham-pirenena teo aloha ity ka nandritra izany no nitondrany ny fomba fijeriny ny toe-draharaham-pirenena sy ny tontolon'ny fifidianana ary namelabelarany ny vinany. Nanamafy Ing. Hery Rajaonarimampianina nandritra izany fa vonona hiatrika ny fifidianana ny tenany ary tsy matahotra ny hirotsaka ho kandidà saingy kosa mitaky fifidianana mangarahara sy madio ary eken'ny rehetra. « *Matoa niala tany Frantsa ka nody eto an-tanindrazana ny tenako dia mbola sahy sy vonona hijoro ho an'ny vahoaka malagasy ary tsy matahotra handray anjara amin'ny fifidianana. Na izany na tsy izany, mitaky fifidianana madio, manara-dalàna, andraisan'ny rehetra anjara ary ankatoavin'ny Malagasy sy ny iraisam-pirenena izahay. Aoka tsy ho rafitra manaiky fehezin'ny mpitondra ny rafitra mpikarakara fifidianana fa hipetraka amin'ny maha mahaleotena azy ka tsy hitongilana amin'ny kandidà na antoko politika* », hoy ity laharana voalohany eo anivon'ny antoko HVM ity tamin'izany.

**Hanarina haingana**

Mikasika izay tontolon'ny fifidianana izay hatrany, miantso ny Malagasy mba ho tonga saina ka hijoro sy hanana toe-tsaina mahay manavaka ny vary sy ny tsiparifary ary tsy hanaiky hataon'ny mpanao politika fitaovana hakana fahefana fotsiny Ing. Hery Rajaonarimampianina. Araka ny fanazavany dia tsy ho afaka hiroso amin'ny fanarenana sy fampandrosoana ny firenena mihitsy isika raha mbola tsy tonga saina ny malagasy na mbola tsy mipetraka tsara izany. Ao anatin'izany rehetra izany, tsy mitsahatra ny milaza ity mpanao politika ity fa hitondra fanantenana ho an'ny Malagasy ny tenany ary manana paikady sy traikefa hahafahana manarina ny firenena haingana. Raha hiverenana ny mikasika ilay fitetezam-paritra ataon'ireo lohandohan'ny mpisorona eo anivon'ny antoko HVM dia toy izao ny fandaharam-potoan'izy ireo : Manakara – Vangaindrano – Farafangana – Vohipeno ary Ankaramalaza.

Mamy R.

Hajo Andrianainarivelo tany Tsiroanomandidy

## "Potika ny fihariana vokatry ny tsy fisian'ny fitsinjaram-pahefana"




Ny Filohan'ny antoko MMM nanazava hevitra tany Tsiroanomandidy omaly.

Nanatanteraka fivoriana narahina ady hevitra tany Tsiroanomandidy renivohitry ny faritra Bongolava ny filoha nasionalin'ny antoko Malagasy Miara-MiaInga (MMM) Atoa Hajo Andrianainarivelo omaly. Nasongadiny tamin'izany ny tsy fahaiza-mitantan'ny mpitondra izay miteraka fahatrana ho an'ny vahoaka. « *Ny tsy fahaiza-mitantan'ny mpitondra no mahatonga ny firenena amin'izao toerana. Potika ny fihariana sy ny sehatra rehetra vokatry ny tsy fisian'ny fitsinjaram-pahefana* », hoy ny Filoha nasionalin'ny antoko Malagasy Miara-Miainga tamin'ny fanazavana. Nomarihany fa toerana manana harena maro na ambony na ambanin'ny tany ny ao Tsiroanomandidy saingy miaina anaty fahasahiranana ny vahoaka. Tsy misy na tsy ampy ny tohana avy amin'ny fanjakana amin'ireo velaran-tany an'hektara maro ahafahana mamboly. Mivelona amin'ny herin'ny tenany ireo tantsaha mpamokatra, ary tsy mahazo fiofanana. Voalaza fa manana teknisiana maro i Madagasikara saingy vokatry ny tsy fipetrahan'ny fitsinjaram-pahefana, mivangongo ao an-drenivohitra izy ireo. Tsy nihambahamba moa ireo solontenan'ny vahoaka teto amin'ny faritra Bongolava nitatitra ny maharary azy ireo, nandritra ity fivoriana narahina ady hevitra ity. Nananipika ireo mpandray anjara fa mbola mitohy hatrany ny tsindry mahazo irteo olom-boafidy ataon'ny olom-boatendry. Nanamafy ny Filohan'ny antoko MMM fa ny fisehosehoana no mahamaika ny mpitondra, ka mahatonga ny zava-misy ankehitriny.

JUDD

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Andro nasionalin'ny ankizy - JNE

# Ampianarina dieny mbola kely hiaro ny tranobe iombonana ny ankizy

Tanterahina eto Antananarivo nanomboka ny alakamisy hatramin'ny alahady 30 jolay 2023 izao ny JNE na andro nasionalin'ny ankizy. Manodidina ny 15 000 ankizy eo anelanelan'ny 5 hatramin'ny 15 taona avy amin'ny diosezy manerana ny Nosy no tonga namaly ny antson'ny Vovonam-Pirenena Katôlikan'ny Ankizy na VPKA. Lohahevitra nentina mandritra ity andiany fahatelo ity kosa ny hoe "Rankizy 'ndao hiara-dia hitory ny Vaovao Mahafaly ho fanantenan'ny Eglizy » ka misy ny vavaka, katesizy, ary indrindra ny fanentanana ny ankizy mahalala, mitia, manaja, ary miaro ny tranobe iombonana izay iarahana amin'ny fikambanana Mahatsangy. Ao anatin'izany, ampahafantarina azy ireo ny anton'ny fiovaovan'ny toetrandro, ny vokadratsy ary haniraka ireto ankizy apostoly ireto hampahafantatra izay rehetra hainy nandritra izao JNE izao amin'ny tontolo manodidina azy rehefa miverina eny anivon'ny fiarahamonina indray izy. Ho amin'ny anio sabotsy, hisy ny "Village Laudato Si" izay hametrahan'ny fikambanana Mahatsangy tranoheva enina hanentanana, hilalaovana ary indrindra hampahafantarana ny lanjan'ny tranobe iombonana. Ho faranana eny Soamandrakizay amin' ny lamesa sady fandraisana ny arsevekan'Antananarivo Mgr Raoelison Jean de Dieu ny andro nasionalin'ny ankizy amin'ity taona ity.

**Nath**

Minisitry ny harena an-kibon'ny tany

# Manohana ireo mpilalao tsipy kanetibe hiatrika ny lalaon'ny Nosy

Nanomboka tamin'ny alatsinainy lasa teo ny fampivondronana ireo mpilalao tsipy kanetibe hiatrika ny fifaninanana amin'ny lalaon'ny Nosy. Tonga nitsidika azy ireo teny amin'ny "Complexe Sportif CNaPS" Vontovorona ireo minisitra mirahalahy mpiahy ity taranja ity, dia ny Minisitry ny harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika sy ny Minisitry ny asa sy ny asampanjakana ary ny fampanana asa sy ny lalàna sôsialy, ka nanolotra lelavola 4 tapitrisa Ariary ho an'ireo mpilalao sy mpitantana ao anatin'ny federasiônina mba hanamafisana ny fanomanana. *"Santatra am-bavarano ihany izao fihaonana voalohany izao fa hojerena akaiky ireo teboka mbola ilana fanampiana na olana maika mila vahana."*, hoy ny Minisitra Rakotomalala Olivier Herindrainy. Miisa 32 ireo mandrafitra ny delegasiônina ao anatin'ny ekipam-pirenena, dia mpilalao vavy sy lahy 28 ary mpanazatra sy tompondraikitra efatra. Medaly volamena sivy no iadiana amin'io fifaninanana io, koa nampanantena ireo mpilalao fa hanao izay tratry ny heriny amin'ny fandrombahana medaly volamena maro sy amin'ny fanandratana avo ny voninahimpirenena.

**R. Muray**

Fako plastika

# Mitarika olana ara-pahasalamana sy manimba tontolo iainana

Manomboka 100 taona hatramin'ny 1000 taona vao potika ny fako plastika izany hoe tsy levona vetivety mihitsy. Raha amin'ny fambolena, mandoto ny tany ny fako plastika ka mampihena ny vokatra vokarin'ny tantsaha ary manimba ny fiarihan'ny olona. Zava-doza ho an'ny fahasalamam-bahoaka ihany koa satria antony mahatonga aretina maro mahazo ny zanak'olombelona amin'izao. Santionany amin'izany araka ny fanazavan'i Haingotiana Rakoto Ramambason, tomponandraikitra eo anivon'ny minisiteran'ny fahasalamana ny olan'ny taovam-pisefoana mahazo ny olona marefo. Noho ireo fako plastika miparitaka any anaty ranomasina, mirongatra ny karazana aretina noho ny fihinanana hazan-dranomasina toy ny trondro voapoizin'ireo "algue". Misy potika plastika tsy hita maso ihany koa mifamezivezy amin'ny rivotra iainan'ny olona izay mandoto ny rivotra ary tsy misy afa-bela ny zanak' olombelona fa miaraka marary daholo vokatr'izany. Misy fiantraikany amin'ny toetrandro ihany koa izany satria antony mahatonga ny hafahan'ny tany tsy ho zaka sy ny fiovaovan'ny toetrandro. Santionany ihany ireo fa tsy tambo isaina ny zava-doza ateraky ny fako plastika, na io amin'ny fahasalamana, tontolo iainana indrindra ny fambolena sy fiompiana.
Anisan'ny orinasa mampiasa tavoahangy plastika ny Star. Ho azy ireo, ny 20 isanjaton'ny tavoahangy ampiasain'ny Star tavoahangy plastika avokoa. Misy anefa ireo tetikasa ataon'izy ireo hanentanana ny olona tsy hanary tavoahangy plastika etsy sy eroa ka anisan' izany ny tetikasa Kopakelatra. Manangona ny tavoahangy plastika izy ireo ary havadika ho zavatra hafa mbola azo ampiasaina izany. Eo ihany koa ny ONG Move up izay nizara ny traikefany momba ny fitantanana ny fako plastika. Fantatra izany rehetra izany nandritra ny hetsika famelabelarana nataon'ny Remapsen Mada, teny amin'ny GIZ Ambatobe, fikambanana ivondronana mpanao gazety izay nanasa tomponandraikitra maro toy ny Medd, minisiteran'ny fahasalamana, tanora mpandraharaha ary orinasa mahafehy ny voka-dratsin'ny fako plastika.

**Nath**

Atsimo Andrefana

# Miandrandra fampandrosoana ireo vahoaka ao Tsiafanoka

Mitotongana ny fari-piainanan'ireo vahoaka ao amin' ny fokontany Tsiafanoka, kaominina Tsianisiha, distrikan'i Toliara II, faritra Atsimo Andrefana. Mangetaheta ambony lakana ireto farany manoloana ny harena ananan'ny faritra, izay afaka mitondra fampandrosoana ho azy ireo sy ny faritra misy azy. Manoloana izany indrindra, nanao antso avo tamin'ny fanjakana izy ireo ny mba hamelana malalaka ny tetikasa fitrandrahana fasimainty ao an-toerana. *"Efa nanome ny fankatoavanay izahay, tokony havela hiasa an-kalalahana ny kaompania mitantana ity tetikasa ity."*, hoy i Zafimanantsoa, lehiben'ny tanora ao Tsiafanoka. Anisan'ny tena mampitaraina ireo tanora ny tsy fisian'ny asa. Anisan'ny efa notohanan'ity tetikasa ity ny fikambanambehivavy mpamokatra zanakazo tao an-toerana, ka efa nahavita namokatra zanakazo 5 000 isa rehefa nahazo tan-tsoroka aratekinika sy ara-pitaovana. Efa nampanatena ny hividy ny zanakazo rehetra ny mpitantana ity tetikasa ity, saingy noho ny sakana tsy hahafahany manohy ny asany taorian'ny fepetra noraisin'ny fanjakana dia tsy nisy mpandray no sady nihena 3 500 ireo zanakazo noho ny tsy fahampian'ny fikarakarana. Anisan'ny resy lahatra amin'ny fampandrosoana hoentin'ity tetikasa ity i Vatomalamakely, Raiamandrenibe ao Tsiafanoka. Notsindriany mano-kana fa tsy vitan'ny hana-tsara ny fari-piainan'ny mponina ny asa hiforona fa mbola hanampy amin'ny fampihenana ny tsy fandriampahalemana koa.

**R. Muray**

Seces sampana Antananarivo

# Mitohy hatramin'ny alatsinainy ny Oniversite maty

Mitohy hatramin'ny alatsinainy ho avy izao ny Oniversite maty eny Ankatso io no nambaran'ny Seces sampana Antananarivo. *"Raha ny amin'ny maha-olombelona fotsiny dia ao ny zon'ny mpianatra, ao ny hasin'ny mpandraharaha ary tsy hadino ny an'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra. Izahay no mitaky an'izany araka izay azonay atao, tsy mila an'izany fanampiana avy etsy sy eroa izany ny Seces fa afaka manao ny fitakiany samy irery"*, hoy ny Dr Ravelonirina Sammy Gregoire, filohan'ny Seces sampana Antananarivo. Io no nomarihan'ny sendikàn'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra eny Ankatso taorian'ny nilazan'ny mpianatra fa afaka manao fitokonana hanampiana ny Seces izy ireo. Fa tetsy ankilany dia nizarazara kosa ny hevitr'ireo mpianatra eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo taorian'ny fihaonana tamin'ny Seces mikasika ny zava-misy eny Ankatso. "Nisy ny fametraham-panontaniana nataon'ny mpianatra manoloana ny ho tohin'ny hetsiky ny mpampianatra na inona ihany koa no azon'ny mpianatra ? Ahafahana mifanampy na inona ihany koa no ambaratonga tokony handalovana dia izany no nifampiresahana tamin'ny Seces tamin'ny ankapobeny", hoy ny solontenan'ny mpianatra. Mahatsiaro mijaly moa ireo mpianatra avy amin'ny toerana lavitra noho izy ireo lany vatsy kanefa tsy mianatra tato anatin'ny herinandro maromaro izay. Ny fahasahiranana anefa iaraha-mahita ka hirodoan'ny mpianatra amin'ny fingana izay ho ataony.

**Heriniaina A.**

Fiangonana Lanitra sy Tany Vaovao

# Tanora 57 tonga nanome ra



Anisan'ny asa sosialy ataon'ny fiangonana ny fanomezan-drà.

Manome rà manome aina. Mahatsapa ny fiangonana fa sarobidy ny fifanampiana sy firaisankina. Izany indrindra no nahatonga ireo tanora mpikambana 57 avy ao amin'ny fiangonana Lanitra sy Tany Vaovao ny herinandro lasa teo namaly ny antso tetsy amin'ny CHUJRA.

Gazetiko
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Tale jeneraly :
Jeremy RABESAHALA
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
D.L.I : 16 204 - 07 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

## Saosy voanjo

**Zavatra ilaina:** voanjo, tongolo, voatabia, rano kelikely

**Fikarakarana azy :** totoina malemy ny voanjo. Tetehina ny tongolo sy voatabia. Somary andrahoina amin'ny rano ny tongolo sy voatabia. Ampiana sira na sakay kely. Arotsaka ny voanjo ary avela hangotraka mandritra ny minitra vitsy. Azo atao saosy miaraka amin'ny tononkena.

Toute l'information **en ligne** sur
www.midi-madagasikara.mg
midi madagasikara